# 2012 CHILI FIHAONAN'NY « MPIARA-DIA » ANY SANTIAGO SY LONGAVI NY 10-11-2012.

**Tamin'ity taona ity dia nanatanterahana tany amin'ny faritra iray any Santiago, tsy lavitra ny misy andry masera Puento Alto, ankohonam-piaianana vao nosokafana tamin'ny taona lasa .**

**Ny lohahevitra nosafidiana dia ny fandalinana ny torolalan'ny Fihaonam-be faratampony 2009 :**

**"Mampiroborobo ny fanajana ny aina sy ny hasin'ny olombelona"**

Izay dia nohamafisin'ny andininy vitsivitsy ao amin'ny lalam-panorenam-pikambanana sy ny rijan-teny notsongaina tamin'ny taratasy pastoralin'ny komity mavitriky ny Fivondronam-ben'ny Evekan'i Chili izay vao nivoaka tamin'ny septambra 2012 ary mitondra ny lohan-teny hoe: « **ATAO MENDRIKA NY OLONA SY ZARAINA ARA-DRARINY NY FANDROSOAN'NY CHILI ».**

Tamin'ny fandinihana isan-tarika dia nampiasa ny fomba fiasa : **mijery, mihevitra, manatanteraka.** Nampian'ny masera iray avy ny isan-tarika tamin'ny fandinihana

Rehefa nandre ny fifampizarana tamin'ny fanatambarana farany dia samy nifampiza « **izay hotanterahina** » ka hirotsahana mivantanana ny tsirairay .

Nofaranana tamin'ny fiombonam-bavaka zay nanaovan'i Monica, mpiara-dia avy any Longavi, ny fanomezan-tokiny ho an'ny taona iray ary nanavaozan'ny mpiara-dia sasany ny fihaonanay.

Miara-paly izahay rehetra manambara aminareo ny vaovao mahafaly : Sokajy Mpiara-dia « tanora » iray izao no eo an-dalam-pahaterahana any Puente Alto.





